E$_2$. <u>TANTARAN'NY LITERATIORA MALAGASY</u>

| VANIM-POTOANA | ZAVA-MISY | TARA-KEVITRA | ASA SORATRA | MPANORATRA |
|---|---|---|---|---|
| 1818 - 1896 KRISTI-ANA | -Fahatongavan'ny Misionera Anglisy (David Jones & Thomas BEVAN)<br>-Fisokafan'ny sekoly samihafa<br>-Fandikana ny Baiboly (1835) tamin'ny teny Malagasy<br>-Fivoahan'ny Gazety I (TENY SOA) (1861)<br>-Firoboroboan'ny fivavahana Kristiana na dia teo aza ny fanenjehana nataon-dRanavalona I<br>-Fandefonana an-dRasalama Maritiora (1837) | -Fiantorahana tanteraka amin'A/tra<br>-Fanehoana ny fahalemen'ny olombelona<br>-Fanantenana Paradisa | -Tononkira maintimolaly<br>-Kaonseritra Masina<br>-Lahatsoratra famotopotoran-kevitra | Joseph ANDRIANAIVORAVELONA (Rainy),Josoa RAMANISA, RAINISOA RATSIMANDISA, RABARY (mpitandrina) ... |
| 1896 - 1915 FAKAN-TAHAKA | -Firongatry ny fironan-tsaina:libre pensée, laïque<br>-Fanaovana an-tsesitany ny Mpanjaka<br>-Galliéni 1896 - 1905<br>-Victor Augagneur 1905 – 1910<br>-Albert Piquię 1910 – 1914<br>-Fijoroan'ny V.V.S izay ivondronan'ireo avara-pianarana (Dokotera, Mpanoratra, Mpitondra fivavahana...)<br>-Fanandratana ny zava-bita sy ny fomba Frantsay. | -Fitiavana<br>-Fandrosoana<br>-Fankatoavana ny Frantsay<br>-Fankaherezana | -Tantara tsangana<br>-Tantara foronina<br>-Sombin-tantara<br>-Tononkalo... | RAJAONAH( Tselatra), Alphonse RAVOAJANAHARY, Edouard ANDRIANJAFITRIMO (Stella),Justin RAINIZANABOLOLONA (Jupiter), RAMAHOLIMIHASO (Radium Rhosalis) |
| 1922 - 1930 FIFORE-TANA ANATY na SORISO-RIN-TSAINA | -Fanenjehana tsy an-kiato an-dRALAIMONGO<br>- Asa an-terivozona SMOTIG<br>-Fisian'ny aretina samihafa (gripa espaniola, pesta)<br>-Fisian'ny rivo-doza mahatsiravina<br>-Fanafoanana ny fampianarana tantara jeografia, Malagasy<br>-Natao sesitany ny V.V.S | -Enji-dresin'ny fiainana<br>-Alahelo<br>-Fanakambotiana<br>-Fahadisoam-panantenana<br>-Embona sy hanina | -Tononkalo<br>-Sombin-tantara<br>-Tantara foronina | <u>ZOKINY</u><br>Ireo Voarohirohy tamin'ny raharaha V.V.S.: Ny Avana RAMANANTOANINA, Jasmina RATSIMISETA, RAVELOJAONA, JUPITER, RAJAONAH Tselatra, STELLA, |



grandprof.net

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| | | -Aloky ny fasana sy ny fahafatesana | | RADIUM RHOSALIS<br>**<u>ZANDRINY</u>**<br>Ireo mpanoratra teraka taorian'ny 1901:<br>J.J.RABEARIVELO,Samuel RATANY, HARIOLEY (Elie RAHAROLAHY), LYS BER (Joseph Honoré RABEKOTO) |
| **1930 - 1945 MITADY NY VERY** | -Fampodiana ny taolam-balon-dRanavalona III avy any Algérie<br>-Fiverenan'ireo voasesitany<br>-Faha 100 taona nandinika Baiboly<br>-Fitokanana ny fampielezam-peom-pirenena<br>-Fanantenana ny mpiara-belona hiverina sy handala ny maha-Malagasy tamin'ny alalan'ny gazety samihafa<br><u>Ireo very notadiavina</u><br>Ny haisoratra Malagasy, ny teny malagasy, fahafahana, ny maha-Malagasy, fitiavan-tanindrazana | -Fitiavana<br>-Zava-misy<br>-Tanindrazana<br>-Nofinofy<br>-Hasambarana<br>-Fepetra maha-olona | -Lahatsoratra famotopotoran-kevitra<br>-Tantara foronina<br>-Sombin-tantara<br>-Tononkalo | -J.J. RABEARIVELO<br>-Charles RAJOELISOLO<br>-Ny AVANA R.<br>-DOX<br>-RAFANOHARANA (Bolespara)<br>-LE MYOSOTIS(Charles RATSARAOELINA) |

grandprof.net

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| **1945 - 1960 FITAKIA-NA FANARE-NANA na FITAKIA-NA FAHALEOV AN-TENA** | -Fiforonan'ny Antoko politika samihafa PDM, JINA, PANAMA, PADESM<br>-Fitondran'i DECOPPET izay nitarika ny fanavakavahana foko<br>-Fanafoanana ny antoko MDRM sy fisamborana ireo mpitarika izany<br>-Fijoroan'ny Repoblika Madagasikara I (14 Oktobra 1958)<br>-Fahazoana ny fahaleovan-tena (26 Jona 1960) | -Fanoherana ny fanjanahan-tany<br>-Fiantsoana ny olona ho tia tanindrazana<br>-Fitaomana ny Malagasy hamerina ny tsaran'ny razanafanehoana fa tsy azo sakanana ny fahaleovan-tena<br>-Fanitsiana ny fitondran-tena | -Tononkalo<br>-Sombin-tantara<br>-Tantara foronina<br>-Lahatsoratra famotopotoran-kevitra<br>-Sombin-tantara | -Clarisse RATSIFANDRIHAMANANA<br>-RANDRIAMIADANARIVO<br>-Randja ZANAMIHOATRA<br>-E.D. ANDRIAMALALA... |
| **1960 -1972 SARIN-TSARIM-PAHA-LEOVAN-TENA** | -Nisy ny antoko politika natanjaka PSD, AKFM, MONIMA<br>-Mbola voazanaka ara-toe-karena sy ara-tsaina ny Malagasy<br>-Nofoanana vonjimaika ny fampiasana ny teny Malagasy tany amin'ny fanadinana samihafa | -Fanoherana ny sarintsarim-pahaleovan-tena<br>-Fanohizana ny fitadiavana ny very<br>-Fanabezana ny vahoaka manoloana ny fandrosoana<br>-Ny fahaleovantena | -Tononkalo<br>-Tantara an-tsehatra<br>-Sombin-tantara | -ANDRY ANDRAINA (Razafindrazaka)<br>-RADO<br>-J. Nalisoa RAVALITERA<br>-Celestin ANDRIAMANANTENA<br>-ILAY (Ralaisaholimanana Louis Dominique) |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| **ANKEHITRINY 1972 -1991 TOLOMPIAVOTANA** | -Fihetseham-bahoaka niafara tamin'ny fitokonambe<br>-Famoahana ny fanagasiana ny fampianarana<br>-Fitomboan'ny fahantrana sy ireo tsy an'asa<br>-Fisondrotan'ny vidim-piainana<br>-Tsy fisian'ny fanarahan-dalàna teo amin'ny sehatra maro | -Fampitahana ny rafi-pitondrana teo aloha sy ny efa misy<br>-Fahadisoam-panantenana<br>-Fanehoana ny tolon'ny vahoaka madinika<br>-Fiantsoana ny olona hiverina eny ambanivohitra | -Tononkalo<br>-Tantara amin'ny endriny samihafa<br>-Lahatsoratra famotopotoran-kevitra<br>-Rian-kalo<br>-Nisy ny gazety literera nivoaka: AMBIOKA, VALIHA | -Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA<br>-Elie RAJAONARISON<br>-RANÖE<br>-RADO<br>-SOLOFO JOSE<br>-HAINGO<br>-RANJATOHERY Harilala |
| **ANKEHITRINY 1991 -2000 FANALALAHANA** | -Fihetsaham-bahoaka nitakiana fanovana<br>-Fiorenan'ny orinasa afaka haba<br>-Fisehoan'ireo areti-mifindra samihafa<br>-Firoboroboan'ny hainoaman-jery tsy miankina<br>-Fitontongan'ny fiainan'ny olona noho ny risoriso<br>-Nahazo vahana ny toe-tsaina nandala ny Demokrasia | -Tsy fahatokisana ny mpanao politika izay mandiso fanantenana<br>-Tsy fisian'ny fahamarinana teo amin'ny sehatra maro<br>-Fitomboan'ny fahantrana<br>-Fahasimban'ny tontolo iainana | | |

grandprof.net

grandprof.net



## II. NY MPANORATRA SY NY ASA SORATRA

| LOHATENY | JASMINA RATSIMISETA | Jean Joseph RABEARIVELO | Samuël RATANY |
|---|---|---|---|
| FIAINANY | -Teraka ny 1890 (Zanak'i Ratefiarivony sy Razafindrasoa)<br>-Mpianatry ny "Le Myer de Vilers" tao Anatirova<br>-Mpikambana tao amin'ny VVS ary voasesitany tany Comores<br>-Niasa tamin'ny gazety TANAMASOANDRO FEHIZORO<br>-Tompon'ny gazety TELEGRAFY<br>-Maty ny taona 1946 ary milevina ao Ambanidia<br>-Nanambady an-dRavaoarivony ary tsy niteraka izy ireo | -Teraka ny 04 Martsa 1901 tao Isoraka (Zana-dRabozivelo)<br>-Mpianatra tao amin'ny dekoly Andohalo, kolejy masina Misely Amparibe<br>-Natsahatra tamin'ny fianarana teo amin'ny faha 13 taonany<br>-Niasa tay Ambatolampy (Chef de Canton), Imprimerie de l'Imerina (mpanala diso)<br>-Nanambady an-dRabako Marguerite ny 1926 ary niteraka 5 mianadahymaty zanaka ny 1933 (zanaka vavimatoa) noraisina tao amin'ny Akademia ny 1931<br>-Maty ny 22 Jona 1937 ary nalevina tao Ambatofotsy Avaradrano | -Teraka ny 16 Jolay 1901 tao Ankadibevava Antananarivo (Zanaky RATSIMAMAKITANY sy RAMARIAVERO<br>-Mpianatry ny sekoly Paul Minault Ambohijatovo<br>-Manan-talenta eo amin'ny hira sy zava-maneno<br>-Mpitana bokim-bola tao amin'ny tranom-barotra Vassiliou<br>-Nanambady an-dRasoazananohatra ary niteraka vavitokana<br>-Maty ny 10 Oktobra 1926 ary nalevina tao Lazaina Avaradrano |
| SOLON'ANARANA | TREZAN, EMILIE P, PALAMEDA,LISE, BELZEBOBA, FANTOMAS, KINTANA, RENTGEN, RAOTOBELOHA | VERBAL (teo amin'ny faha 14 taonany) | TANICUS |
| ASA SORATRA | <u>Tonokalo:</u><br>Rehefa maty aho, Nofiko hono, Ny lasa<br><u>Sombin-tantara:</u><br>Ny Adidy, Anatin'ny haizina<br><u>Tantara filalao an-tsehatra:</u><br>Dobla efatra, Ny tsy hamoizako azy. | <u>Tononkalo:</u> Tsy embona akory, Ny foko nanidina, Tanala very sampy.<br><u>Sombin-tantara:</u> Lala roa, Irène Ralimà<br><u>Tantara filalao an-tsehatra:</u><br>Imaintsoanala<br><u>Lahatsoratra famotopotoran-kevitra</u> | <u>Tononkalo:</u><br>Embona, Mba rotsirotrio, Tafaverina, Irery teo akaikin'ny fasana<br><u>Sombin-tantara:</u><br>Vita ho azy, Imbalonony<br><u>Sombin'eritreritra</u> |

grandprof.net


| | | | |
|---|---|---|---|
| GAZETY SY REVIO | *Fitarikandro, Mifoha i Madagasikara, Masoandro* | -Diavolana<br>-Ranovelona<br>-Ny Mpandinika<br>-Fandrosoam-baovaoa<br>-Amboara tononkalo: *Lova, KalokaloTatsinanana* | *-Tanamasoandro*<br>*-Akon'larivo*<br>*-Jouranl de Mdagascar*<br>*-Ny Mpandinika*<br>*-Fandrosoam-baovao*<br>*-Sakaizan'ny tanora...* |
| TARA-KEVITRA | -Fitiavana<br>-Fiainana<br>-Fanambadiana<br>-Fahakambotiana<br>-Aloky ny fahafatesana sy fasana<br>-Ny lasa... | -Alahelo tsy fanta-piaviana<br>-Fahadisoam-panantenana<br>-Fahakambotiana<br>-Aloky ny fahafatesana sy fasana<br>-Fahatsiarovana<br>-Fitiavana | -Sorisorin-tsaina<br>-Alahelo tsy fantam-pihaviana<br>-Embona sy hanina<br>-Aloky ny fahafatesana sy fasana... |

## II. BOKY VAKIVAKIM-PIAINANA

### a) Mikasika ny mpanoratra

| Anarana | Daty sy toerana nahaterahana | Fianarana sy Asa | Asa soaratra |
|---|---|---|---|
| IHARILANTO PATRICK ANDRIAMANGATIANA | 16 May 1955 tany Mitsinjo Mahajanga | -Mpianatra tao amin'ny Sekoly Protestanta Ankadimbahoaka<br>-Lycée Philibert Tsiranana Mahajanga<br>-Oniversiten'i Madagasikara<br>-Mpampianatra teny Malagasy:Lycée MORAMANGA,Lycée ANDOHARANOFOTSY | -Tononkalo<br>-Tantara foronina<br>-Tantara an-tsehatra<br>-Tantara an'onjampeo<br>-Amboaran-tsombin-tantara<br>-Andram-pandinihana |